Vehivavy Vonona Sahy Diaspora (VVSD) 3

**Nanatanteraka hetsika ho fanampiana ny aty Madagasikara**

Fitsaboana ao am-ponja 3

**Betsaka ny tandrevaka sy fakam-bola, ka tsy vitsy ny gadra maty**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 9 aogositra 2022 Laharana 1329 Vidiny : **500 Ar**


Fandaharana tamina fahitalavitra 3

**Tsy voaaron'ireo mpomba azy intsony ny fitondrana**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Filoha Ravalomanana** 2

## Mendrika ny fandraisan'ny ben'ny tanànan'Antsiranana azy



**Menabe. Fitampoha 2022** 2

## Tsinontsinoavin'ny fitondrana foibe ny kolontsaina Sakalava



**Fanambanana basy nataon-dRaholdina** 6

## Nitory eny amin'ny Antenimieram-pirenena ilay sefo fokontany



**Foulpointe** 7

## Mihena ny mpanao vakansy tonga noho ny faharatsian-dalana



**Loza tany Beforona** 6

Maromaro ireo namoy ny ainy sy naratra

**Raharaha Andohatapenaka** 6

Hanampy ny tompon'ilay Golf may ny fikambanan'ny manana Golf

**Daka kely**

Miverena an-dakilasy sy mianatra fahalalam-pomba mihitsy nareo fa tena tsy izy mihitsy ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA

# Nitso-drano ny filohan'ny KMMR Toliara, kôlônely Rabe Charles

Nitso-drano ny filohan'ny KMMR Toliara, kôlônely Rabe Jules, ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM ny faran'ny herinandro teo teny Faravohitra. Nisy ny fihaonana mivantana teo amin'ny mpitarika ny KMMR, izay mifehy ny faritanin'i Toliara, kôlônely Rabe Jules sy ny filoha Marc Ravalomanana ny zoma teo. Natolotra tamin'io fihaonana io ny taratasy manendry an'ity manamboninahitra ambony tao amin'ny zandarimariam-pirenena ity, hitarika ny KMMR, na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana amin'ny Faritanin'i Toliara. Voarakitra ao anatin'izany taratasy izany ihany koa ny fanomezana fahefana feno an'ny colonel RABE Jules, hanendry ireo coordinateur régional 4 any amin'ny faritanini Toliara. Nofaranana tamin'ny fifandraisan-tanana, ho mariky ny fifampitokisana ny resaka nifanaovana. " Ndao tsy ho tara sambo ", no teny filamatry ny KMMR Toliara ity.

***Stefa***



*Ny Filoha Marc Ravalomanana, sy ny kôlônely Rabe Jules.*

Filoha Ravalomanana

# Mendrika ny fandraisan'ny ben'ny tanànan'Antsiranana azy

Nitsidika ny tany Antsiranana faritra Diana hatramin'ny omaly ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sy ny antoko TIM, ary amin'ny mpino nanana andraikitra azy tao amin'ny fiangonana FJKM ihany koa. Tamin'ny fahatongavany tao amin'ny seranam-piaramanidin'i Arachart ny sabotsy, nahazo ny haja amin'ny maha anisan'ny ray aman-dreny eto amin' ny firenena azy ny filoha Marc Ravalomanana. Tonga nitsena azy tany amin' ny seranam-piaramanidin'i Diego, ny ben'ny tanànan'Antsiranana Djavojozara Jean Luc, mendrika ny nandraisan'ity olom-boafidy ity ny filoha Ravalomanana nandritra izany.

Fa ankoatra izany, feno dia feno ny fandaharampotoanany tany amin'ny tapany avaratry ny Nosy izao, ny alahady niaraniombom-bavaka tany amin'ny FJKM Ramena Antsiranana faha-II izy, niatrika ihany koa avy eo ny fivoriamben'ny Dorkasy FJKM manerana an'i Madagasikara, izay natao tany amin'ny renivohitry ny faritra Diana.

Teny antsefantsefam-potoanany kosa no nisian'ny fihaonana tamin'ireo mpitarika ny antoko TIM, sy ny RMDM any amin'iny tapany avaratr'i Madagasikara iny.

***Isambilo***



*Ny filoha Ravalomanana, sy ny ben'ny tanànan'Antsiranana Djavojozara, tao amin'ny seranam-piaramanidina Arrachart ny sabotsy teo.*

Menabe. Fitampoha 2022

# Tsinontsinoavin'ny fitondrana foibe ny kolontsaina Sakalava

Miditra amin'ny andro faha-6 amin'ny fankalazana sy fanatanterahana ny Fitampoha, fombandrazan'ny foko Sakalava any Menabe ny any antoerana amin'izao fotoana, izay hifarana ny faran'ny herinandro izao. Sambany teo amin'ny Fitampoha tsy nahitana minisitra, eny fa na dia efa nandefa fanasana aza ny fianakavian'ny Printsy, tsy hita ny minisitry ny serasera sy kolontsaina na dia solontena aza, tsy mba nanatrika ny fotoam-panokafana sy ny nanotrona ny Fitampoha, nefa dia isan'ny kolontsaina Malagasy sy haren'ny Malagasy ny Fitampoha. Toy izany koa ny minisitra Tinoka Roberto, izay mirehareha fa minisitra zanaky ny faritra Menabe sady minisitra mpiahy ny faritra Menabe ihany koa, nefa dia tsy mba nijery maso ny Fitampoha 2022 hatreto. Ka velon-taraiana ireo olom-boatendry sy olom-boafidy ary ireo vahoaka ato Menabe manoloana izao fihetsiky ny fitondrampan-jakana foibe izao, saingy tsy sahy manao antso avo noho ny politika, nefa na dia ireo vahiny avy any ivelany aza dia mahatsapa, fa zava-dehibe ho an'ny tantaran'i Madagasikara ny tantaran'ny foko Sakalava sy ny fanaovana Fitampoha, ka maro ireo mpizahantany no tonga aty Belo sur Tsiribihina, toa an'i Marco, izay avy any Italia dia nilaza mazava tsara fa isan'ny zava-dehibe ho an'i Madagasikara ny fananana ny fomban-drazana, izay miteraka fanamafisana ny fifankatiavana sy fahafantaran'ny taranaka aty aoriana ny tantara marina sy ny fototry ny fanjakana Sakalava.

Vory maro ato Menabe ny vahoaka sy ny mpizahantany aty Menabe, ka tsy maharaka intsony ny trano fandraisam-bahiny; ireo mpivarotra koa dia samy mahazo ny anjarany avokoa, ka ankoatran'ny fomba amin'ny fomban-drazana ny Fitampoha dia tsapa fa mampivoatra sy mitondra fidiram-bola ho an'ny vahoaka ato amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina ihany koa ny Fitampoha .

Nandritra ny Fitampoha, nisy koa ny hetsika izay nataon'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana ato Menabe, izay nahitana fanaovana ny vaksiny Covid-19, ka vinavinaina ny hahavitan'olona arivo vaksiny mantritra ny Fitampoha ary eo koa ny fanaovana fitiliana ny VIH/SIDA, sy ny diabeta ary ny fandraisana an-tanana ireo vehivavy bevohoka, sy ireo izay hanao fandrindram-piterahana, izay maimaimpoana avokoa.

Mitohy hatrany ny hetsika rehetra mandram-pahatogan'ny zoma, izay hampandroana ireo Dady (taolam-balon'ireo Ampanjaka). Isaky ny hariva ny fampisehoana, izay iarahana amin'ireo mpanakanto avy aty an-toerana sy ny groupe Souvenir de Miandrivazo, izay noentindRamatoa Solombavambahoakan'i Miandrivazo manokana, hanafana ny Fitampoha.

***Rajepa***



*Fitampoha any Belo Tsiribihina amin'izao fotoana.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Leo ny fizahozahoan-dRaholdina sy ny mpiara-dia aminy ny olona

Efa tena leo ny fizahozahoan'ny depiote Naivo Raholdina ny ankamaroan'ny mponina eny Analamahitsy ao amin'ny Boriboritany faha-5. Nanakoako tamin'ny faran'ny herinandro teo ny zava-nitranga teny amin'ny fokontany Analamahitsy tanàna Boriboritany faha-5, momba ny fanesorana ny sefompokontany, Randrianantoanina Ny Andrianina, izay tsy hafa fa olona napetrak'i Naivo Raholdina teo ihany, fony izy nahazo vahana teo ankilan-dRajoelina sy ny Antenimieram-pirenena misy azy. Nefa zavatra tsy azony atao na ny manendry na manondro olona misahana izany fokontany izany, fa dia hambo daholo hoy ireo sendra ny gazety. Izy no nanala tamin' ny fomba tsy rariny ny sefo tany aloha, izay nampalahelo ny rehetra ihany koa, izy ihany koa no nametraka ity sefo nifoteran' ny rambony ity indray, ary dia nametraka ilay lefitra ho tompon-toerana mihitsy dia Ratovo Andriamanjato, nefa efa niray tsikombakomba tamin' ny ratsy tao ireo hoy ny vaovao voaray, niantehitra tamin-dRaholdina betaintsofina hoy ny mpiserasera sasany, ka dia voafingana tamin'ny ora farany. Mpiray antoko samy TGV ihany izy ireo, nefa dia manao toy izao, vitandRaholdina mihitsy ny manambana basy sy antsy ny namany rehefa tsy levon ' ny vavoniny, ary fanendrena kitoatoa no asetry izany avy eo, nefa voarara avokoa izany rehetra izany raha ny andinin-dalàna nojerena, fa dia ilay M'izaho'zaho no tena tsy maty ao an-tsainy. Ny fokonolona maro sendra ny gazety, dia nilaza fa hatramin'ireny fihibohana teo aloha ireny dia efa fanaon'izy ireo ny manotra olona volabe, izay efa nentina teto tany aloha, toy ny raha vao tara fanidy toeram-pivarotana, tsena, dia takiany vola 150.000Ar, ka tsy nahafay azy raha tsy nivoaka an-gazety toy izao, sehon-javatra nampalahelo ny maro tokoa. Mazava araka izany fa sefom-pokontany lefitra mbola ratsy noho ny ratsy ity nomen-toerana ity, ka tokony ho jerena akaiky mihitsy hoy ireo mpivarotra anana, mpanao kiraro, mpiasan'ny kominina, ary vahoaka maro teny amin'iny faritry ny Boriboritany faha-5 iny.

Ho fehin'izao fizahozahoan'ny mpiara-dia amin'ny fitondrana izao, misy farany avokoa ny zava-drehetra, raha nitohy naniry naniry foana ny hazo hoy ny fomba fitenenana izay, tonga tany an-danitra ny tozy, fa tsy izay no zavatra iainana eto an-tany, tsy misy ny ho doria izany, manam-petra avokoa ny zava-drehetra,…

***Beharo***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fenosoa R.**

Ny Valosoa sy hadihady

## Fitsaboana ao am-ponja

# Betsaka ny tandrevaka sy fakam-bola, ka tsy vitsy ny gadra maty

Araka ny fanadihadiana natao, sy ny vaovao voaray teny amin'ny fonjan'Antanimora, ataon'ny mpitsabo ao fitadiavam-bola ny fitsaboana ny valanaretina coronavirus ao amin'ity fonja ity, sy ny fanomezana taratasy certificat medical. Ataon'ny dokotera fitadiavam-bola ny fisian'ny CTC (centre de traitement Covid) sy ny famoahana certificat médical. Ankoatr'ilay administrateur civil izay nindaosin'ny fahafatesana dia vehivavy iray indray no namoy ny ainy ny 01 aogositra lasa teo noho ny fahataran'ny fitsaboana, noho ny tandrevaka. Betsaka ny olona maty eny aminy fonjan'Antanimora ary fantatr' ity mpitsabo ity ny mahazo ireo voafonja, saingy rehefa tsy misy vola dia tavela, maro ny fakam-bola noho ny resaka fitsaboana. Efa hatramin'ny ela hoy ny loharom-baovao no olana ho an'ny mpiandry fonja ity dokotera ity satria na ny Chef d'établissements aza efa tsy asiany dikany intsony eo amin'ny resaka asa. Betsaka ny mitaraina mikasika ny fomba fiasany, fa mety ho manana olona ambony miaro azy izy matoa tsy misy fepetra raisina mihintsy hoy hatrany ny loharom-baovao hatreto.

Ny antony nanaovana ny CTC ( Centre de traitement Covid) dia ny mba hahafahana mizaha ny toe pahasalaman'ilay olona mialohan'ny hampidirana azy. Tsy fonja akory ny CTC, fa trano fandalovana mandritra ny fizahana ara-pahasalamana . Rehefa hita misy soritra aretina ilay olona dia tazonina 5 hatramin 10 andro, fa rehefa tsy misy soritra aretina kosa dia ampidirina fonja avy hatrany .

Ny zava- misy anefa tazonin'ny dokotera mihoatra ny telo volana ao amin'ny CTC ireo olona ireo ary mandoa vola any aminy ,misy aza ny mihoatra an'izay . Ho an'ireo izay tsy manambola kosa dia ampidirina avy hatrany na dia efa fantatra izao aza fa tsy salama.

Manodidina eo amin'ny 4 na 5 eo ireo olona izay efa tamin'ny volana Mey ary efa mahatratra 20 izany raha atambatra miaraka amin'ny volana jona sy jolay. 28 kosa no isan' izy rehetra izay mbola tazonina ao amin'ny CTC ny herinandro lasa teo .

Ny hany ambetin- dresaka any rehefa misy ny fanontaniana dia ny hoe "misy intervention avy any ambony no antony mbola hitazonany ireo olona ireo ao ", misy ihany anefa no miresaka fa mandoa vola any amin'ny médecin chef no antony ahafahany mijanona ao . Misy ireo olona malotoloto tsy misy vola na dia hita izao fa marary aza dia tsy misy indrà fo , fa midoboka avy hatrany.

Misy havan'ny mpiara miasa amin'ny dokotera aza moa efa hitany izao fa tsy salama dia mbola sahiny ny miteny hoe " io tsy misy hoe havan'iza, fa rehefa tsy mandoa vola 5 millions dia miditra avy hatrany ", rehefa tsy nandoa ilay vola taminy dia nampidiriny.

Rehefa olona metimety aminy na mandoa vola dia tazonina ao amin'ny CTC.

Ho any resaka fahasalamana eny amin'ny fonja, maro amin'ireo olona no manatona ary mitaraina fa tsy salama, ka mila fizahana ara-pahasalamana, saingy ny valinteny azon 'izy ireo avy amin'ny dokotera dia ny hoe:" izaho tsy manao consultation, fa raha haka certificat médical hampiasaina amin'ny fangatahana fahafahana vonjy maika dia 100.000 Ar" .

Vao tsy ela hoy hatrany ny loharom-baovao no nisy voafonja nakana vola 300.000 Ar nanaovana certificat médical natao complément de dossier tamina opposition teny amin'ny Fitsarana.

Ireo samy voafonja ihany no mifanampy amin'ny resaka fitsaboana, fa tsy misy dokotera ho tavandraina, eny fa na ny fanafody aza tsy misy ny ao, fa ny havan'ireo voafonja no mividy izany aty ivelany .

Manaitra ny ministera hijery akaiky ny zava-misy eny amin'ny Fonjan'Antanimora, na hanokatra fanadihadiana eo amin'ny mpiambina ny fonja na ihany koa eo amin'ireo voafonja, satria raha izao no mitohy dia mbola hitombo ny aina afoy, araka ny fanadihadiana.

***Ny Valosoa***

## NY TENY FIAINANA




*Koa ankehitriny anaka, aza matahotra; hataoko aminao izay rehetra angatahinao; fa fantatr'izay rehetra ao an-tanànan'ny fireneko fa vehivavy tsara ianao.*

***Rota 3:11***

Vehivavy Vonona Sahy Diaspora (VVSD)

# Nanatanteraka hetsika ho fanampiana ny aty Madagasikara

Fikambanana any ivelany manao asa sosialy, ho fanampiana ny mpiray tanindrazana ny fikambanana VVSD : Fikambanana Vehivavy Vonona Sahy Diaspora any an-dafy. Ny faran'ny herinandro teo, nisy ny varotra fampirantiana nataon' ity fikambanana VVSD ity, tany Clamart Frantsa, ho entina hanatanterahana asa sosialy ho an' ny aty an-tanindrazana aty Madagasikara. Asa tanana sy taozavatra vita Malagasy no namidy tamin'izany, hahazom-bola hanaovana asa sosialy aty Madagasikara.

***Isambilo***




***Ny varotra fampirantiana nataon'ny VVSD, tany Clamart Frantsa.***

**FANDAHARANA TAMINA FAHITALAVITRA**

# Tsy voaaron'ireo mpomba azy intsony ny fitondrana

Tsy voaaron'ny mpomba azy intsony ny fitondrana Rajoelina, izay no azo amehezana ny fandaharana ady hevitra tamina televiziôna tsy miankina iray ny alahady teo. Niatrika izany fandaharana izany ny sekreteram-panjakana amin'ny zandarimariam-pirenena, ny jeneraly Serge Gellé, ny mpomba ny fitondrana avy amin'ny TGV/MAPAR Rajoharinirina Andrianina, ny avy amin'ny fanoherana nahitana an'i Heritiana Rasoamiaramanana dit Zaref, sy Christian Tabera. Fanilihana ny tsy fahombiazana amin'izao fotoana izao any amin'ny hafa sisa no mba hany hevitra navoitran'ireo mpomba ny fitondrana nandritra izany. Loha-hevitr'izao fandaharana izao ny hoe: "ny mpanohitra sy ny fikaonandoham-pirenena". Ireo avy amin'ny fanoherana dia nanipika mazava, fa tsy misy fitadiavan-tseza velively ny hanaovana ny fikaonandoham-pirenena, fa ho fanatsarana ny fitantanana ny fifidianana, mba tsy hisy ny korontana raha sanatria mbola misy ny olana amin'ny fifidianana ho avy, olana izay mbola hisy ireo mpandahateny raha tsy hisy izay fifampiresahana izay. Azo lazaina ho tsy nandà izay fifampiresahana izay ny sekreteram-panjakana Serge Gellé. Tokony hosokafana amin'izay koa ny kianjan'ny demokrasia hahafahan'ny rehetra maneho hevitra, fa tsy ho an'ny mpanohitra ihany, hoy i Zaref sy Christian.



***Zaref sy Christian Tabera, nandritra ny fandaharana ny alahady teo.***

Nanantitrantitra mihitsy moa I Zaref fa:"mon General, tsy misy risque-na trouble na "atteinte à la sûreté de l'État" raha ny mpanohitra amin'izao, satria efa hatrany am-boalohany no te sy maniry ny hanaovana hetsika ampilamianana", mba hahafahana miara-mijery ny lalana handehanan'ny Firenena satria hita fa diso lalana ny mpitondra. Tany amin'ny fanaovana fampielezan-kevitra dia efa hita fa diso lalana ny kandida iray raha niresaka mikasika ny geopolitique, satria ny mpifanandrina n°25 efa nitsotra hoe: tsika tsy afaka miala amin' ireo, satria misy zavatra iarahantsika amin'ireo, fa ny n°13 kosa nilaza fa tsy miakina amin'ireo isika, fa isika indray aza no hampindrana an'i Comores kanefa aiza izao, lazaina fa noho ny ady any Okrainina indray? Tsy ny mpanohitra no manakorontana, fa ny ao anaty fitondrana no efa mikorontana, miady seza ny samy mpomba, ka mifanasoketa amin'ny famoahana dossier, satria matoa ireny mivoaka dia ny tao anatiny ihany. Tsy misy asa tena mandeha noho ny tsy fisiana drafitra mazava, ny Plan iray tsy vita dia efa mamorona vaovao indray. Nankaiza ny PEM? Ahoana ny fitsinjaram-pahefana?" Ho fehiny efa tena ampihinan'ny fitondrana Rajoelina ny IEM mihitsy ny vahoaka Malagasy amin' izao fotoana.

***Niaina***

## TONONKALO

## *Tsy misy vonona hanitsy ?*

Tsisy foza mety hijoro mba hanitsy ny vazimba
N`inona n`inona ho rava , n`inona n`inona ho simba ?
Sa ny tena foto-kevitra dia ny miaraka mirona,
N`inona n`inona mihàtra , n`inona n`inona midona ?

Ny mpitarika modely , izay no tena hoe tsy ananana,
Ka dia misy ireo manivaka, mampiseho ny havendranana?
Tena zava-tsy fandre sy tsy fahita teto an-dasy,
Izany Malagasy iray hanambana olona amim-basy !

F`asa na mivadika ondana na koa misimisy kely,
Ity ambara ho fikìtra tena tia mampiady angely,
Ka manao izay tiany hatao sy tsy azon`iza mba tenenina,
Fa dia efa igagana ny amin`izy bemarenina !

Angamba tena hoe tampohiny mba nahazo toerana avo,
Ka tsy dia mahay mipetraka ity mirehaka ho "favo".
Ary dia manindritsindry sady tia misotasota,
F`izy hono solombava ka "tsy maty raha manota" !

...Dia tsy hisy mihitsy ve mba foza iray ho sahy hijoro
Ka hananatra , hanitsy sady tena mba hanoro
Fa tsy mety , tena ambany sy tsy fomba Malagasy
Izany hanompa variraka sady hanambana amim-basy?

Indrindra indrindra ilay nanao dia misongadina amin`ny lokony
Sy ny andraikitra izay tanany ao anatin`ny antokony?
Moa tsy fantany f`izany no efa manaratsy endrika
Ito sambo efa mijoboka sy madiva ny ho rendrika?

***DADAN`i ZINA (07-08-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa, JP

Ny varotra fampirantiana ataon'ny VVSD any Frantsa, itadiavam-bola, hanaovana asa sosialy aty Madagasikara.












Ny Fitampoha, kolontsaina Sakalava, tanterahana any Belo Tsiribihina amin'izao fotoana.





Ny fitokanana ny fanavaozana ny American Corner tany Fort-Dauphin, faritra Anôsy, ny herinandro lasa teo.






# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Ny fahatongavan'ny filoha Marc Ravalomanana tany Antsiranana ny sabotsy teo.**





**Ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona tamin'ny mponin'Antsiranana tao Bazary ny sabotsy teo ihany.**





## Sakafo Ny Valosoa

Beignets-na ovy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina ovy, atody, sira, persil, tongolo maitso, chapelure, lafarinina, tongolo gasy, dipoavatra , menka avy amin'ny zava-maniry. Hampangotrahana ny ovy, potsero ao anaty bol avy eo. Hafangaroy ao ny atody, ny persil, ny tongolo maitso, ny tongolo gasy, ny dipoavatra. Hafangaroy tsara. Hatao lavalava maro ny endrik'izany, hendaso amin'ny menaka mafana avy eo. Dia mazotoa homana tompoko.



## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoraly amin'ny fahatsentsenan'ny lalan-drà

Fanafody natoraly amin'ny fahatsentsenan'ny lalan-drà indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny lalan-drà tsentsina, indrindra ny lalan-drà amin'ny fo no anisan'ny resahana eto.

Fanafana 1: maka hoditra voasary dia tetehina mandinika kely dia hataninandro, atao azon'ny masoandro izany, rehefa maina dia atao anaty bocal satria ilaina fona iny. Amin'ny alina no anaovana azy: maka rano matimaty 1 vera lehibe atao ao ilay hoditra voasary voatetika. 2 sotro lehibe no atao anaty rano, afangaro dia avy eo saronana ary avela mandramaraina. Maraina vao mifoha no misotro azy.

Fanafana 2: maka persil atao maina atanina andro



be dia avy eo totoina, atao anaty bocal maina sy madio tsara. Maka rano mangotraka 1 vera lehibe, maka persil ilay efa voatoto in-1 sotro kely atao anatin'ilay rano 1 vera iny, afangaro tsara dia avela eo 5 min dia avy eo tatavanina dia sotroina rehefa matimaty.

Iray amin'ireo ihany no hatao, izay tiana.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Vohimena any amin'ny distrikan' Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Vohimena any amin'ny distrikan'Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Vohimena ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'Amparafaravola. Any avaratra afovoan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana izy, satria 808 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, toy ny any amin'ireo kaominina




hafa any amin'ny distrikan'Amparafaravola. Toy izany koa ny anana isan-karazany; ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka,…

RAHARAHA ANDOHATAPENAKA

# Hanampy ny tompon'ilay Golf may ny fikambanan'ny manana Golf

Fantatra izao fa hanampy ny tompon'ilay fiara Golf may teny Andohatapenaka ny herinandro lasa teo, ny fikambanan'ireo manana fiara Golf eto Antananarivo. Niray hina naneho ny alahelony ireo mpanamory fiara Golf ny alahady teo. Taorianan'ilay fahamaizana fiara Golf teo amin'ny station Total Andohatapenaka tokoa dia naneho ny alahelony, ireo mpanamory Golf mivondrona ao anatin'izany fikambanana izany, ka nilahatra nanodidina ity toby fakana solika ity. Fiara Golf maromaro no nandefa anjomara sy nihodinkodina teo amin'ity toby fakana solika ity tamin'izany. Mety tsy ho may kila forehitra tokoa ilay fiara, raha nanome extincteur nampiasaina ny mpiasa tao amin'ity tobin-tolika Total Andohatapenaka ity, ka nahatonga izao hetsika nataon'ny fikambanan'ny manana fiarakodia Golf izao.

*Aly*



*Ny hetsika nataon'ireo manana fiara Golf ny faran'ny herinandro teo, teny Andohatapenaka.*

Lozam-pifamoivoizana tany Beforona"

# Maromaro ireo namoy ny ainy sy naratra

Nisehoana loza mahatsiravina tany Beforona distrikan'i Moramanga, faritra Alaotra Mangoro omaly. Olona maromaro no namoy ny ainy tamin'izany araka ny vaovao voaray. Tany anelanelan'i Beforona, sy Marovoalavo no nitrangan'izao lozam-pifamoivoizana izao, vokatry ny fandehanana mafy. Tamin'ny fotoana nanoratana, olona 08 no maty ,12 naratra mafy. Omaly tokony ho tamin'ny 10 ora maraina teo, tany Marovoalavo kaominina Beforona, taxi-brousse nitondra ny FBL Loteranina FLM SPTM fileovan'ny Morarano Toamasina, no tratran'ny lozam-pifamoivoizana izao ny fiara nitondra ireo fikambanam-behivavy Loteranina FLM, avy namonjy zaikabe tany Fianarantsoa, ka rehefa hody hihazo an'i Toamasina izy ireo, no sendra izao loza izao. Raha ny fitantaran'ny mpandeha dia nandeha mafy ity fiara ity, ka rehefa niditra fiolanana teo Marovoalavo dia tsy voafehy intsony ny fitaliana ka nivadika. Vokany : olona 07 maty teo no ho eo ary ny 1 rehefa tonga tany amin'ny hopitaly, no tsy tana ny ainy , 12 naratra mafy ka efa nentina any amin'ny Hopitaly Moramanga, tapaka ny tanan'ny saofera.

*Stefa*



*Ireo niharan-doza tany Beforona, tonga tao amin'ny Hopitaly.*

Fanambanana basy nataon-dRaholdina

# Nitory eny amin'ny Antenimierampirenena ilay sefo fokontany

Manoloana ilay raharaha fanambanana basy sy antsy nataon'ny depiote Naivo Raholdina ilay sefo fokontany, mitondra fanazavana ny mpisolovava ity sefo fokontany ity.

Nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly ny mpisolovava an'Andriamatoa Randrianantoanina Ny Nandrianina, ilay Sefo fokontanin'Analamahitsy. Tany tan-dalàna i Madagasikara, mbola tsy nitory izahay fa manaraka ny lalàna, hoy izy. Doleance na fitarainana tany amin'ny Filohan'ny Antenimieampirenena no natao, satria manana ny "code d'ethique" izany Antenimiera izany, afaka mampiantso ny depiote ny Filohan'ny Antenimierampirenena raha misy ny fandikan-dalàna nataony, araka ny lalana art 73 alinéa farany hoe afaka misaisir ny Antenimierampirenena raha ohatra ka misy olona manana tombontsoa ka voakitikitiky ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena. Mbola miandry azy izahay hoe inona no valin-teniny, satria ilay "telephone" tazonin'ingahy Depiote no tianay alaina, misy ny mahakasika ny fiainan'Andriamatoa Andrianina manokana any sy ny asany. Manamafy Andriamatoa Andrianina, fa nisy ilay izy ary azo inoana izany, tsy ohatran'ny ambaran'ny filohan'ny fokontany 27, izay sady tsy tao an-toerana nefa milaza ny zavatra tsy hitany. Manamafy anefa izy ireo, fa fomban'ny solombavambahoaka ny maka ny findain'ny olona izay miresaka ao aminy, fa tamin'ity indray mitoraka ity tsy naveriny, tsy hay hoe nahoana. Tsy marina ny filazana fa taorian'ilay fanalana azy tsy ho, sefo fokontany no nitranga ity olana ity dia nororitina amin-javatra hafa, ka nilazana fa alahelo hoentina anenjehana ny solombavambahoaka, satria nanaiky ny fifandaminana ary vonona ny hanao famindram-pahefana ny filohan'ny fokontany Analamahitsy teo aloha, fahefana ho an'ny mpanatanteraka ny manolo ny sefo fokontany amin'izay fotoana tiany, na tsy misy antony akory aza. Manamafy Andriamatoa Andrianina fa tena nisy ilay fanambanana antsy sy basy, izay ny fombany ary mampatahotra , lasa ohatran'ny hoe SHERIF ilay olona miaraka amin'ilay satroka sy basy , fa tsy solombavambahoaka intsony. Hametraka fitoriana izahay, ary tsy manana zo tsy handray fitoriana ny fitsarana, satria fanambanana basy sy antsy efa midika fikasana hamono olona. Ny fitazomana ny findain'olona dia efa halatra. Ny angatahanay dia atsaharo ny menace eny rehetra eny, dia avereno ilay findain'ilay sefo fokontany", hoy ny mpisolovava Rasoloniaina Ramaromanana, mpisolovava ilay sefo fokontanin'Analamahitsy.

*Stefa*



*Ny mpisolovava ilay sefo fokontany (ankavia).*

Fort-Dauphin faritra Anôsy"

# Nohavaozina ny American Corner

Notokanan'ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo, ny Governoran'ny Faritra Anôsy Jocelyn Raharimbola sy ny Lefitra Voalohan'ny Ben'ny tanànan'i Taolagnaro Livera Bevazaha, ary ny tompon'andraikitra misahana sosialy ao amin'ny QMM Martino Solomampionona ny zoma teo, ny ivon-toerana American Corner Taolagnaro, izay misokatra ho an'ny daholobe. Izany dia manamarika ny fisokafan'ity ivon-toerana ity amin'ny fomba ofisialy taorian'ny fikatonana izay naharitra roa volana noho ny asa fanavaozana sy fampitaovana. Nampiantranoin'ny QMM/ Rio Tinto ao amin'ny biraony ao amin'ny tranoben'ny CNAPS any an-tampon-tanànan'i Fort-Dauphin faritra Anôsy ny American Corner nanomboka ny taona 2016. Niara-niasa tamin'ny Masoivoho Amerikana ny QMM nanavao tanteraka ny ivon-toerana sy nanome aterneto haingam-pandeha. Avo roa heny noho ny halehibehin'ny toerana teo aloha ny halehiben'ity American Corner nohavaozina ity. Nanome fitaovana mitentina manodidina ny 50 000 dolara ny governemanta Amerikana, anisan'izany ny fitaovana manaraka ny teknolojia vaovao, ny fanaka sy "imprimante 3D", solosaina vaovao miisa16, sy ny fitaovana fampiasa amin'ny fivoriana ampitain-davitra. Aorian'ireo fanavaozana ireo, ny American Corner dia hanolotra fandaharan'asa mivelatra kokoa hianarana ireo soatoavina Amerikana sy Malagasy iraisana, handraisana anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra maro sy handratoana fianarana ary hanatsarana ny fampianarana sy fianarana teny anglisy. Ny English Center of Fort Dauphin, izay mitantana ny American Corner, no hitarika ireo programa ireo miaraka amin'ny Masoivoho Amerikana. Ny Ambasadoro Pierangelo dia nilaza tamin'ny izany lanonana izany fa: "Amin'izao fanokafana indray ny American Corner Taolagnaro izao, ny governemanta Amerikana dia manavao ny fanoloran-tenany hiara-hiasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka, ireo maintimolalin'ny programa fifanakalozana vatsian'ny governemanta Amerikana sy ireo mpikambana ao amin'ny American Corner ary ny olona rehetra. Toy ny 'mpirahalahy mianala' , hametrahana toerana ahafahan'ny atsimon'i Madagasikara mandray anjara amin'ireo dinika nasionaly sy iraisam-pirenena momba ny lohahevitra manan-danja eto an-toerana sy maneran-tany.


Ny American Corner Taolagnaro dia iray amin'ireo American Corners telo eto Madagasikara ary tafiditra ao anatin'ny tambazotran'ireo ivon-toerana maherin'ny 700 mitovy amin'izy ireo maneran-tany, izay tantanin'ny governemanta Amerikana hanomezana vaovao azo antoka momba an'i Etazonia sy izao tontolo izao. Andalam-panokafana indray ireo American Corner telo eto Madagasikara ny Masoivoho Amerikana, ka ny American Corner Taolagnaro no nisantarana izany.

*Aly*




*Ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy, ny American Corner nohavaozina any Fort-Dauphin.*

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsilavo A.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**06/08/2022 hatramin'ny 13/08/2022**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165) 034 10 937 11
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/034 78 200 15
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1329-08-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**KAOMININA AMPITATAFIKA**

# Mitady fidiram-bola iatrehana ny fiakaran'ny vidin-tsolika

Hampiakarina manomboka amin'ny volana ambony izao ny saran'ny fanaovana « Acte de vente », ho an'ny tokontany rehetra eny anivon'ny Kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano ary hampiakarina 40 000 Ar hanomboka ny volana Septambra 2022 ny vola haloan'ny « Huissier de justice » eny amin'ny Biraon'ny Kaominina, rehefa hanatanteraka fidinana ifotony. Nanazava ny Ben'ny tanàna Ramparaoelina Rado, fa ireo fepetra ara-bola ireo, no noraisin'ny fiadidian'i Kaominina, mba hahafahan'ireto farany miatrika ny fandaniana vokatry ny fiakaran'ny vidin'ny solika ary tsy mbola nanao fanitsiana amin'ireo vola nalaina amin'ny mpanjifa ny Biraon'ny kaominina hatreto. Nanohy fanazavana ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ampitatafika, fa mavesatra be ny fandaniana amin'ny fampandehanana an'ireo « Tracteurs » sy « Kubotà », satria raha 40 000 Ar ny fandaniana ho an'ny « Tracteur » iray teo aloha dia lasa 58 000 Ar izany amin'izao fotoana izao, manginy fotsiny ny fiakaran'ny kojakoja sy fitaovana hafa izay ilaina amin'ny Kaominina. Nanamafy Andriamatoa Ramparaoelina Rado, fa tsy maintsy atrehin'ny Kaominina ihany koa ny fandoavana ara-dalàna ny karaman'ny mpiasa na dia efa nampiakatra karama aza ny fiadidian'ny Kaominina ny volana Mey 2022 lasa teo. Hiroso amin'ny « Déliberation » ny filan-kevitra Kaominaly hanomboka ny herinandro ho avy izao, mba ho azo ampiharina amin'ny volana Septambra 2022 ho avy izao ny fampiakarana ny saran'ny vola alaina amin'ny « Huissier de justice », sy ny vola alaina amin'ireo mpivarotra sy mpividy tany eny anivon'ny Kaominina Ampitatafika.



*Ny ben'ny tanànan'Ampitatafika, Rado Ramparaoelina.*

***Franck Razakambelo***

Foulpointe

# Mihena ny mpanao vakansy tonga noho ny faharatsian-dalana

Mihena amin'izao fotoana ny mpanao vakansy tonga any Mahavelona Foulpointe, distrikan'i Toamasina II, faritra Atsinanana, noho ny faharatsian'ny lalana mihazo izany tanàna mahasarika mpizahatany sy mpitsangatsangana ary mpiala sasatra izany. Mitaraina ireo mpandraharaha momba ny fizahantany any an-toerana noho izany. Ambaran'izy ireo, fa miha-vitsy ny mpizahatany tonga any Foulpointe noho ny haratsian'ny lalam-pirenena faha-5. Be ny fampanantenana nataon'izao fitondrana Rajoelina izao ny amin'ny ho fanamboarana izany lalana izany, saingy hatramin'izao potika tanteraka ity RN5 ity. Lalana tokony ho vita 45 min ka hatramin'ny ora iray, adiny roa ora sasany izany vao vita, na maherin'izany akory aza. Saika hanao hetsika ireo mpandraharaha ara-pizahantany ao an-toerana ho fanairana ny fitondram-panjakana hamahana ny olana, saingy tsy tanteraka izany noho ny fandrahonana azon'izy ireo.

***Aly***




***Mangingina i Foulpointe, nefa fotoana tokony hahabetsaka ny mpiala sasatra sy ny mpizahatany tonga any an-toerana, ny vanim-potoana toy izao.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 402**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0401)

***Mitsivalana***
- Pataloha
- Akalana
- Rano – Ilo
- Antsa – At
- Sata
- Inri – Ory
- Rava
- Ma (miv)

***Mitsangana***
- Paraky
- Naka (miv) – RN (miv)
- Tantara
- Sola (miv) – IV
- La – As
- Ony – Ao
- Halatra
- Miato (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 402




**Mitsivalana**

**1.** Mitovy amin'ny masina – Notanterahina vao haingana **2.** Foto-tenin'ny fanadinana (miv) – Bengy **3.** Sahala – Lavitra (miv) **4.** Amboarina tsara – Kianteny (miv) **5.** Efa miomana tsara – Tao **6.** Taova – Ao amin'ny Boky **7.** Mampitovy ny akoho sy ny akanga – Rainy **8.** Nanohana (miv) – Hery sy tanjany (miv) **9.** Toerana – Ao amin'ny fery **10.** Fanomezana ara-bola

**Mitsangana**

**A.** Bota – Maneno, manako **B.** Manahirana (miv) – Toerana **D.** Foko **E.** Salama (miv) – Ambany **F.** Mandalina maharitra (miv) **G.** Vizana – Hita ao amin'ny zipo **H.** Tsy lavitra – Fanafody **I.** Maneho fanoherana – Vorona **J.** Rango-pohy (miv) – Mpanoritra **K.** Hamerezana

### Valiny Teny mifanaraka 0401

**Mitsivalana**

**1.** Ampelatovo **2.** Koa – Enina **3.** Ody – Ota – Zo **4.** Nino – Mav(o) **5.** Dago – Kaina **6.** Kanety **7.** Atao (miv) – Raràn(a) **8.** Orana – Ana **9.** Akaton – Ry (miv) **10.** Sa – Trano (miv)

**Mitsangana**

**A** Akondro – As **B.** Modia – Aoka **D.** Paingotra **E.** OO – Aato **F.** Leo – Non(o) **G.** Antakarana **H.** Tia – Ana – Ar **I.** No (miv) – Miera **J.** Vazantany **K.** Ovainare(o)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Ny filoha Marc Ravalomanana, tonga niara-niombombavaka sy nanatrika ny alahadin' ny Mpitandrina Rajaonarison Gaston, tany amin' ny FJKM Ramena Fiadanana, Antsiranana II.**









**Fihaonamben'ny Dorkasy FJKM manderana ny Nosy tany Antsiranana, faritra Diana.**





**Ny fitokanana ny Akany Diera an'ny fiangonana FJKM tany Diego.**



